

TORITENY - ALAHADY faha-29 TSOTRA - TAONA D



Andriamanitra indray va no tsy hanome rariny ny olom-pinidiny izay mitaraina aminy andro aman'alina, ary tsy halaky hamonjy azy ?

Ry Kristianina havana tamin'ny Alahady lasa teo isika dia nibanjina manokana ny finoana izay manadio antsika raha raisintsika am-pitiavana tahaka ny nanadiovan'i Jesoa ireo folo lahy boka sy tahaka nanadiovan'Andriamanitra an'i Nahamana raha niditra tao amin'ny ranon'ny jordany izy. Raha miroso lalindalina kokoa amin'ny finoana isika, raha mampitraotra ny finoana amin'ny fiainana andavanandro dia hiova ho tsara ny fiainantsika. Ao anatin'ny volan'ny Raozery isika, tsarovy ry Kristianina havana fa volana izay iarahantsika mivavaka amin'i Masina Maria. Marina fa ny andro rehetra dia azontsika hivavahana miaraka amin'ilay Renintsika fa amin'izao oktobra izao dia iombonantsika vavaka lalindalina kokoa manokana amin'i Masina Maria. Izany indrindra no tian'ny Eglizy hitodihantsika bebe kokoa amin'izao Alahady faha-29 mandavantaona eo anivon'izao volana oktobra izao :

Vakiteny I : Eks. 17: 8-13

Salamo : Sal. 120

Vakiteny II : 2 Tim. 3, 14 — 4, 2

Evanjely : Lk. 18, 1-8

- Inona marina ny anjara toeran'ny vavaka
- Toetra manao ahoana no tsy maintsy ananantsika
- Inona ny vokatr'izay vavaka izay eo amin'ny fiainantsika ?

Ireo zavatra telo ireo no tian'ny Eglizy hodinihantsika sy halalinantsika, ho fandalinam-pinoana ho antsika amin'izao Alahady izao ka hamakivakiantsika ny herinandro vaovao

ity. Misy an'Andriamanitra ny herinandro diavintsika raha mivavaka isika. Izay indrindra no tiako antitraterina amintsika androany.

1) Inona ny anjara toeran'ny vavaka ?

Matetika isika dia mitodika amin'Andriamanitra, mikatsaka azy ary dia mitalaho aminy ary izay tokoa ny vavaka kanefa tsarovy koa anefa ry Kristianina havana na dia marina aza fa hitalahoantsika ny fahasoavan'Andriamanitra ny vavaka ary hananantsika hery ho entintsika mamakivaky ny fiainana fa indrindra manoloana ireo zavatra sarotra sy manahirana ary ny fijaliana maro isankarazany dia tsara ho fantatra fa Andriamanitra dia mila atsika izy raha mivavaka isika. Tian'Andriamanitra ny fo amam-panahintsika sy ny fiainantsika manontolo ka ho azy isika, ary zary fitaovany hitondra ny famindrampony eo amin'ny mpiara-belona. Ampiaisany isika hanambara izany fitiavan'Andriamanitra izany. Misy Andriamanitra ka afaka manova ny fiainantsika ary izay no tadiaviny izany hoe ny tena marina dia Andriamanitra no mitady atsika ary mety tsy ampoizintsika izay. Io vavaka io no ampiasainy mba hidirany sy hampiasain'ny Fanahy masina eo anivon'ny fiainantsika ka isika entanin'izay fanahy masina izay dia zary fitaovana ampiasainy eo amin'ny manodidina. Izay no ambaran'ny Md Paoly amin'i Timoté : “aoka ho lavorary ny olon'Andriamanitra ary vonona amin'ny asa soa rehetra”. Raha manenika ny fiainantsika tokoa ny vavaka dia manana faharetana isika ary indrindra hampiasa ny maha zanak'Andriamanitra atsika, hivelona ny maha-Kristianina atsika, hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Izay no anjara toeran'ny vavaka ry Kristianina havana.

2) Inona ary ny toetra ilaina amin'ny vavaka

Izao no voalazan'i Jesoa : mila faharetana isika izay dia toetra takin'ny vavaka mba ho lasa fitoeran'Andriamanitra isika izany hoe tahaka an'i Masina Maria izay banjinintsika manokana amin'izao volana oktobra izao ka ho zary fitaovana mitondra an'i Jesoa eo amin'ny mpiara-belona. Raha tsy manana faharetana isika dia tsy hahita vokatry ny vavaka. Izay no tian'ny vakiteny voalohany ho tsapantsika. Fantantsika fa raha vao nidina ny tanaan'i Moizy dia resy ny vahoakan'Andriamanitra. Izay koa raha tsy mivavaka isika dia maro ny fakam-panahy sy ny zavatra mifamahofaho amin'ny fiainantsika ary dia tsy zary famantarana an'Andriamanitra intsony isika araka ny voalazantsika tamin'ny tapany voalohany. Mila faharetana ny vavaka.

3) Ary maharitra mivavaka inona ary ny vokatry lehibe azontsika ?

Hahazo ny fahasoavan'Andriamanitra isika. Hoy i Jesoa ao amin'ny Evanjely androany “Lazaiko aminareo fa homeny rariny haingana izy ireo. Kanefa rehefa tonga ny Zanak'Olona, moa mba hahita finoana ety ambonin'ny tany Izy?” Hahazo ny rariny sy ny hitsiny isika izany hoe eo anivontsika ny fitiavan'Andriamanitra. Ry Kristianina havana aoka isika hahatoky fa raha manana faharetana mivavaka isika dia hahazo vokatsoa ary hahafantatra bebe kokoa ny sitrapon'Andriamanitra araka ny ampianarin'i Md Paoly tany Timoté ka ho zary famantarana an'izay fitiavan'Andriamanitra izay isika. “Izao no angatahiko aminao, eo anatrehan'Andriamanitra sy i Kristy Jesoa, izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny

andro hahatongavany sy hanjakany : Mitoria ny teny, ary mahareta amin'izany na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana: manitsia, mananara, mamporisaha, amim-pandeferana sy amim-pahaizana mandrakariva” .

Izay ny anjaran'ny olon'Andriamanitra. Naninona moa izy afaka nanatanteraka an'izay ? satria nanana faharetana tamin'ny vavaka ka zary fitaovana mitory ny hafatr'Andriamanitra.

Izany no mpaminany, izany no Kristianina, araka ny nolazaiko hoe Kristy velona isika ka afaka manambara ny sitrak'Andriamanitra, mananatra, mamporisika, manambara ary izay ny ataon'ny Eglizy. Tadidio ny hafatry ny Eveka tamin'ny farany teo, mety misy ny milaza fa lasa lavitra loatra ny tiana ambara, kanefa tsy maintsy manatanteraka ny adidiny izy ireo amin'ny maha mpaminany azy. Ny Eglizy izay vokatry ny fiombonana, vokatry ny vavaka izay manambara ny rariny sy ny hitsiny dia ny fiombonana amin'Andriamanitra.

Isaky ny miombona amin'Andriamanitra isika araka ny voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany : nanandratra ny tanany i Moizy dia maharesy ny vahoakan'Andriamanitra, toy izany koa ny amin'ny fiainantsika ry Kristianina havana, raha fiainan'Andriamanitra ny fiainantsika, raha tena miombona tanteraka aminy isika, fiainam-bavaka ny fiainantsika dia handresy isika ka hiadam-pinaritra ao amin'i Kristy.

Ry Jesoa Tomponay ô, ianao tokoa nampianatra anay hivavaka ary tsy hoe vitany nampianatra fotsiny fa ny fiainanao manontolo dia vavaka. Enga anie mba ho fiainam-bavaka koa ny fiainanay amin'izay handresy ireo fakam-panahy sy ireo fitapitaky ny ratsy maro isankarazany izahay, handresy ny herisetra, ny hetraketraka, ny fialonana, ny avonavona, ny fitiavan-tena fa ireny no manapotika ny fiainanay ka amin'izay hiadam-pinaritra ao aminao izahay fa ianao tokoa no hanjaka amin'ny fiainanay. Amen

Mompera Adrseveka Mgr Benjamin Ramaroson